REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA**
**SY NY FIOMPIANA ARY NY JONO**
**-------------------**

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA 20572/2021**
**Mikasika ny fanomezana fahazoan-dalana iraisana hanao ireo asa momba ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny biby, ao amin'ny Distrikan'Ambilobe, Faritra Diana.**

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,**

- Araka ny Lalàm-panorenana;
- Araka ny lalàna laharana faha-2006-030 tamin'ny 24 novambra 2006 mikasika ny Fiompiana eto Madagasikara ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-283 tamin'ny 26 febroary 1992 ovain'nydidim-panjakanalaharana faha-94-020 tamin'ny 11 janoary 1994 mikasika ny fahazoana manao ny asa fitsaboana biby sy ny Holafitry ny Dokotera Veterinera eto Madagasikara (ONDVM) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-284 tamin'ny 26 febroary 1992 mikasika ny fitsipika mifehy ny farmasia veterinera ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-285 tamin'ny 26 febroary 1992 mikasika ny fitandroana ny fahasalaman'ny biby eto Madagasikara;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-93-844 tamin'ny 16 novambra 1993 mikasika ny fahadiovana sy ny kalitaon'ny sakafo sy ny vokatra azo avy amin'ny biby ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-177 tamin'ny 26 aprily 2011 mikasika ny fanomezan-dalana ataon'ny Fanjakana amin'ny asa fitsaboana biby ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-263 tamin'ny 01 jolay 2011 mamaritra ny Satamifehy ny Vondron'ny mpitsabo biby mpanampy sy ny fandaminana ny asa (GPPVM) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2019-1407 tamin'ny 19 jolay 2019 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2020-070 tamin'ny 29 janoary 2020, izay ovaina sy fenoin'ny didim-panjakana laharana faha- 2020-597 tamin'ny 04 jona 2020 sy laharana faha-2020-997 tamin'ny 20 aogositra 2020 anendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2020-158 tamin'ny 19 febroary 2020 mamaritra ny anjara andraikitry ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono, ary koa ny fandaminana ankapobeny Minisiterany;
- Araka ny didim-pitondrana iraisan'ny minisitera laharana faha-31.733/2011 tamin'ny 17 oktobra 2011 mamaritra ny sandan'ny vola aloa amin'ny fanomezan-dalana ataon'ny Fanjakana amin'ny asa fitsaboana biby ;

- Araka ny didim-pitondrana laharana faha-24.527/2011 tamin'ny 16 aogositra 2011 mikasika ireo asa fitsaboana biby ankinina amin'ny mpitsabo biby araka ny fanomezan-dalana ataon'ny Fanjakana sy mamaritra ny fitsipiky ny fahazoana sy fanaovana ny asa ao anatin'izany ;
- Araka ny didim-pitondrana laharana faha-13069/2012 tamin'ny 05 jolay 2012 mamaritra ny fomba fiasan'ny mpitsabo biby mpanampy amin'ny asa fitsaboana biby ;

Araka ny tolokevitry ny Talen'ny Sampan-draharaha misahana ny Fahasalaman'ny Biby;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA MANARAKA IZAO :**

**__Andininy voalohany__ :** Omena fahazoan-dalana iraisana hanao ireo asa momba ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny biby, ireto Dokotera Veterinera manaraka ireto:

**TANTELIARIVELO Paule Idéale** sy **VIAL Marie Gislaine,** izay manana ny toeram-pitsaboana biby amin'ny anarany ao amin'ny Kaominina Ambilobe, Distrikan' Ambilobe.
Ireto manaraka ireto ny Kaominina iasan'izy ireo: Ambilobe ville, Antsaravibe, Betsiaka, Beramanja, Antsohimbondrona, Ankaratra, Ambakirano, AnaboranoIfasy, Ambarakaraka, Antanabe Fandomboka, Mantaly, Tanambao Marivorahona, Manambato, Ambatoben' Anjavy, Ambodibonara, Ampondralava, Anjiabe Ambony / Ambany; ary**miisa enina (6) ny mpanampy** azy ireo amin'ny fanatanterahana izany asa izany.

**__And.2__ :** Omena azy ireo manokana sy amin'ny anaran'izy ireo manokana ny fahazoan-dalana hanao ireo asa momba ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny biby, ka tsy azo afindra.
Ny fahazoan-dalana nomena ihany no manankery ao amin'ny faritra nomena iandreketan'ireo veterinera ireo.

**__And.3__ :** Manankery manomboka amin'ny daty nanaovana sonia ity didim-pitondrana manaraka ity ny fahazoan-dalana hanao ireo asa momba ny fanaraha-maso ny fahasalaman' ny biby nomena, ary mifarana aorian'ny **roa (2)t aona.**

**__And.4__ :** Tsy maintsy tanterahina ao anatin'ny telo (03) volana farafahakeliny mialohan'ny fe-potoana fahataperany ny fanavaozana ny fahazoan-dalana hanao ireo asa momba ny fanaraha-maso ny fahasalaman'ny biby omena ny Dokotera Veterinera.

**__And.5__ :** Ny fanavaozana tsirairay dia hialohavan'ny fanombanana ny asan'ny Dokotera Veterinera, izay ataon'ny Sampan-draharaham-paritra misahana ny Fiompiana sy/na ny Foibem-pitondran'ny Sampan-draharaha Veterinera.

**__And.6__ :**Ny fepetra rehetra teo aloha sy mifanohitra amin'ireo izay voalaza ao amin'izao didim-pitondrana manaraka izao dia foana sy foanana avokoa.

**<u>And.7</u> :**Ny Talen'ny Sampan-draharaha Veterinera, ny Sampan-draharaham-paritry ny Fiompiana, ny Filohan'ny Holafitry ny Dokotera Veterinera eto Madagasikara sy ny Filohan'ny Vondron'ny mpitsabo biby mpanampy eto Madagasikara, no miandraikitra, araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-pitondrana manaraka izao, izay ho raiketina sy ampahafantarina n'aiza n'aiza ilàna azy.

Natao teto Antananarivo, ny 11 aogositra 2021

**Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta,**
**Sy amin'ny fanomezam-pahefana**

**NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA ARY NY JONO**